# GOVERNEMANTA

FILANKEVITRA MOMBA NY FIFEHEZANA NY TETIBOLA SY NY FITANTANAM-BOLA

## TSOATSORATRY NY FANAPAHANA LAHARANA FAHA-03/2018-CDBF

**mikasika ny fitoriana eo anatrehan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola :**

- an' Atoa Ralaivao Lovatiako Michel Desanges, IM 329 527, Tale Jeneraly mpisolo toerana vonjimaika, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany azy ao amin' ny Akademiam-pirenena momba ny Fanatanjahan-tena (*ANS*) nanomboka ny 30 aprily 2013 hatramin' ny 23 jona 2014;
- an' Atoa Ranaivoson Patrice, IM 136 019, Tale Jeneraly, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany azy ao amin' ny Akademiam-pirenena momba ny Fanatanjahan-tena (*ANS*) nanomboka ny 23 jona 2014 ka hatramin' izao.

Ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola,

Araka ny Lalampanorenana,

Araka ny lalana laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola, novan' ny andininy faha-18 ao amin' ny lalana mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana amin' ny taona 2017,

Noho ireo antony ireo,

Rehefa avy nifampidinihana araka ny lalana,

Dia mamoaka izao fanapahana izao :

Andininy voalohany. – Azo raisina ireo taratasy fanoloran-draharaha avy amin' ny Tale Jeneralin' ny Tahirim-bolam-panjakana sy ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ho fitoriana :

- an' Atoa Ralaivao Lovatiako Michel Desanges, IM 329 527, Tale Jeneraly mpisolo toerana vonjimaika ao amin' ny Akademiam-pirenena momba ny Fanatanjahan-tena (*ANS*) nanomboka ny 30 aprily 2013 hatramin' ny 23 jona 2014, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany azy;
- an' Atoa Ranaivoson Patrice, IM 136 019, Tale Jeneralin'ny *ANS* nanomboka ny 23 jona 2014 ka hatramin' izao, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany azy.

And. 2. – Mahefa hitsara ny antontan-taratasin' ady mifanandrify amin' ireo taratasy fanoloran-draharaha voalaza eo amin' ny andininy voalohany etsy ambony ny Filankevitra izay nahavoaray ara-dalana ny fampakaran-draharaha.

Atambatra avy hatrany ny fandinihana ireo taratasy fanoloran-draharaha ireo.

And. 3. – Tsy enjehina :

- Atoa Ralaivao Lovatiako Michel Desanges sy Atoa Ranaivoson Patrice :
  - noho ny fampidirana mpiasa tsy misy toerana ara-tetibola mifandraika amin' izany;
  - noho ny tsy fanajana ny feni-kevitry ny maha an' ny rehetra ny tetibola;

Atoa Ralaivao Lovatiako Michel Desanges noho ny tsy fampiharana ny fepetra ao amin' ny didy amam-pitsipika momba ny tsenambaro-panjakana.

And. 4. – Nanao fahadisoana ara-pitantanana voalazan' ny andininy faha-6 ao amin' ny lalàna laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny raharahan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola Atoa Ralaivao Lovatiako Michel Desanges, izany hoe tamin' ny fandraiketana ny fandaniam-bola mihoatra ny sorabola misy fetrany.

Noho izany dia voasazy handoa vola mitetina iray tapitrisa Ariary (Ar 1 000 000) izy.

And. 5. – Nanao fahadisoana ara-pitantanana voalazan' ny lalàna laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny raharahan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola Atoa Ranaivoson Patrice :

- izay hita ao amin' ny andininy faha-6, amin' ity tranga ity tamin' ny fandraiketana ny fandaniam-bola mihoatra ny sorabola misy fetrany;
- izay hita ao amin' ny andininy faha-7, amin' ity tranga ity tamin' ny tsy fampiharana ny fepetra ao amin' ny didy amam-pitsipika momba ny tsenambaro-panjakana ary ny tsy fisian'

# GOUVERNEMENT

CONSEIL DE DISCIPLINE BUDGÉTAIRE ET FINANCIÈRE

## EXTRAIT DE LA DECISION N° 03/2018-CDBF

**relative à la traduction devant le Conseil de Discipline et Financière de :**

- M. Ralaivao Lovatiako Michel Desanges, IM 329 527, Directeur Général par intérim, en sa qualité d'Ordonnateur Principal de l'Académie Nationale des Sports (ANS) du 30 avril 2013 au 23 juin 2014;
- M. Ranaivoson Patrice, IM 136 019, Directeur Général, en sa qualité d'Ordonnateur Principal de l'Académie Nationale des Sports (ANS) du 23 juin 2014 jusqu'à ce jour.

Le Conseil de Discipline Budgétaire et Financière,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière, modifiée par l'article 18 de la loi de Finances pour 2017,

Par ces motifs,

Après en avoir délibére conformément à la loi,

Décide :

Article premier. – Sont recevables les lettres de saisine émanant du Directeur Général du Trésor et du Ministre des Finances et du Budget portant traduction de :

- M. Ralaivao Lovatiako Michel Desanges, IM 329 527, Directeur Général par intérim de l'Académie Nationale des Sports (ANS) du 30 avril 2013 au 23 juin 2014, en sa qualité d'Ordonnateur Principal;
- M. Ranaivoson Patrice, IM 136 019, Directeur Général de l'ANS du 23 juin 2014 jusqu'à ce jour, en sa qualité d'Ordonnateur Principal.

Art. 2. – Le Conseil régulièrement saisi est compétent pour connaitre les dossiers correspondants aux lettres de saisine mentionnées à l'article premier ci-dessus.

Il y est procédé d'office une jonction d'instance.

Art. 3. – Il n'y a pas lieu de poursuivre :

- M. Ralaivao Lovatiako Michel Desanges et M. Ranaivoson Patrice :
  - pour le recrutement de personnels sans postes budgétaires correspondants;
  - pour entorse au principe de l'universalité budgétaire;

M. Ralaivao Lovatiako Michel Désanges pour non application des préscriptions de la réglementation des marchés publics.

Art. 4. – M. Ralaivao Lovatiako Michel Desanges a commis la faute de gestion prevue à l'article 6 de la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière, en l'occurrence l'engagement de dépense en dépassement des crédits à caractère limitatif.

Il est par conséquent condamné au paiement d'une amende d'un montant de un million Ariary (Ar 1 000 000).

Art. 5. – M. Ranaivoson Patrice a commis les fautes de gestion prévues par la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisationn et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière :

- en son article 6, en l'occurrence l'engagement de dépense en dépassement des crédits à caractère limitatif;
- en son article 7, en l'occurrence la non application des prescriptions de la réglementation des marchés publics et l'absence d'une mise en concurrence et de publicité

ny fifaninanana sy doka ara-dalàna na eo amin' ny fomba voadidy arahina izany na eo amin' ny faharetany, amin' ny tranga rehetra izay takiana ny fifaninanana sy ny doka.

Noho izany dia voasazy handoa vola mitetina dimy hetsy sy iray tapitrisa Ariary (Ar 1 500 000) izy.

And. 6. – Ampahafantarina ireo voakasika, ny Minisiteran' ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola (Foibem-pitondrana Ankapobe misahana ny Fitantanana ny Volan' ny Mpandraharaha ao amin' ny Fanjakana), ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Tale Jeneralin' ny Tahirim-bolam-panjakana amin' ny maha fahefana mpanolotra ny raharaha azy ireo ary ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena amin' ny maha mpifehy ambony mivantana azy ireo ho fampiharana ny andininy faha-22 ao amin' ny Lalàna laharana faha-2004-006 izay voalaza etsy aloha.

Natao tao Antananarivo tamin' ny fotoam-pitsarana tsy ampahibemaso ny roapolo febroary taona valo ambin' ny folo sy roa arivo.

Natao tao Antananarivo, ny 7 oktobra 2018.

*Manaraka ny sonia,*

régulière tant dans sa forme que dans sa durée, dans tous les cas où la concurrence et la publicité sont requises.

Il est par conséquent condamné au paiement d'une amende de un million cinq cent mille Ariary (Ar 1 500 000).

Art. 6. – La présente décision est notifiée aux intéressés, au Ministère des Finances et du Budget (Direction Générale de la Gestion Financière du Personnel de l'Etat), au Ministre des Finances et du Budget et au Directeur Général du Trésor en tant qu'autorités de saisine et au Ministre de la Jeunesse et des Sports en tant que supérieur hiérarchique direct en application de l'article 22 de la loi n° 2004-006 précitée.

Fait à Antananarivo en son audience privée du vingt février deux mille dix-huit.

Fait à Antananarivo, le 7 octobre 2018.

*Suivent les signatures,*